fa ny toetran'ny Mpaminany (S.A.W) dia ny Koroany

Tatitra azo avy amin'i Saad Ibn Hisham Ibn Aamir - rehefa niditra tao amin'i Aicha (R.A) : O! Ry Renin'ny mpino rehetra, ambarao ahy ny toetran'ny Mpaminany (S.A.W), dia namaly izy hoe : Moa ve tsy mpamaky Koroany ianao? Niteny aho hoe : Eny, Dia niteny izy hoe : fa ny toetran'ny Mpaminany (S.A.W) dia ny Koroany.

[Mari-pototra] [Notantarain'ny moslim tao anaty hadith lava]

Nanontaniana renin'ny mpino A'isha (R.A) momba ny toetran'ny Mpaminany (S.A.W), ka namaly izy tamin'ny valinteny feno, ary namaly ilay mpanontany amin'ny Kor'any masina izay mamehy ny fahatsaran-toetra rehetra, niteny izy hoe : Ny toetrany dia ny Koroany masina, izay didy rehetra ao aminy dia notanterainy avokoa, ary izay rehetra noraran'ny Koroany dia nisitahany avokoa, ka ny toetrany dia ny fampiharana izany, ary mijoro amin'ny fetrany, ary mampihatra ny fahalalam-pomba rehetra ao anatiny izy, ary maka lesona ihany koa amin'ireo ohatra sy ny tantara voarakitra ao.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/8265